1

# NY SOKAJIN-TENY ANARANA

FITSIPIKY NY TENY

## TANJONA

- Manavaka ny anarana amin'ireo sokajin-teny hafa.
- Mamantatra ny mety ho anjara asan'ny anarana ao amin'ny fehezanteny.
- Mamorona andalan-tsoratra ahitana ireo karazan'anarana ao anaty fehezanteny.

## LESONA HOTADIDIANA

Maro karazana ny sokajin-teny amin'ny teny malagasy, iray amin'ireny ny sokajin-teny anarana.
Misy ny anaran-tsamirery ary misy koa ny anarana iombonana.

Ohatra :

Anaran-tsamirery : Felana, Safidy, Toamasina, Mangoky, Ziona Famonjena, ...

Anarana iombonana : olona, vehivavy, fiangonana, sekoly, tetezana, ...

Manampy amin'ny fanavahana azy ireo ny fampiasana lohasoratra eo amin'ny fiandohan'ny anaran-tsamirery.

Raha ny anjara asan'ny teny indray no resahina dia afaka mitana ny anjara asa Enti-Milaza (EM) na ny anjara asa Lazaina (L) ao anaty fehezanteny ny sokajin-teny anarana. Saingy raha mitana ny anjara asa L ny anarana dia tsy maintsy misy mpanoritra io anarana io, izany hoe L voasoritra. Afaka mitana ny anjara asa Fameno (F) ihany koa sokajin-teny anarana.

Ohatra amin'ny sokajin-teny anarana mitana ny anjara asa EM :

Mahajanga io toerana io.
EM

Ohatra amin'ny sokajin-teny anarana mitana ny anjara asa L :

Misokatra <u>ny fiangonana</u>.

L

Ohatra amin'ny sokajin-teny anarana mitana ny anjara asa F:

Mitrandraka <u>vato</u> ny mpanao lalana.

F

Hahafahana mamorona anarana ny fampiasana ny tovona famoronana anarana toy ny : f-, mp-, ha-

Ohatra : fijery, mpianatra, haavo

Hahafahana mamorona anarana ny fampiasana ny tsirinteny sara-droa toy ny : ha-…-ana, f-an-…-ana, f-aha-…-ana.

Ohatra : hatsarana, fandresena, fahamarinana

### Sahanasa 1

• Tsipiho izay anarana hita ao anatin'ny fehezanteny tsirairay ary mariho na anaran-tsamirery na anarana iombonana :

- Madio tsara ny tanàna.
- Manadio efitrano ny mpianatra.
- Mahajanga io tazana io.
- Zava-dehibe ny fahavononana.

## Sahanasa 2

• Ataovy ao anaty fafana araka ny karazany tokony hisy azy ireto anarana manaraka ireto :
Ikopa, ilay vohitrakely, Befandriana avaratra, Sahondra, ny omby, rano, lehilahy, Akany Fandresena.

| ANARAN-TSAMIRERY | ANARANA IOMBONANA |
|---|---|
| . | . |
| . | . |
| . | . |
| . | . |

• Ataovy mifanandrify amin'ny teny niaviany ireo anarana azo avy amin'ny fampiasana ireto tovona famoronana anarana ireto : f-, mp-

| MATOANTENY | ANARANA |
|---|---|
| manadio | .............................. |
| mianatra | .............................. |
| atondraka | .............................. |
| manatanteraka | .............................. |

## Sahanasa 3

• Omeo ny anjara asan'ny teny misy tsipika eo ambany.Madio tsara ny tanàna.

- Novolena **voninkazo ny tanàna**.
- **Hazo** io miloko maitso io.
- Mijinja **vary ny tantsaha**.
- Salama tsara **i Fitahiana kely**.

## Sahanasa 4

• Mamorona lahatsoratra fohy misy fehezanteny miisa dimy ahitana ireo karazana anarana.